



Autorité de Régulation
des Marchés Publics

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana
ooOooOoo

**Torolalana mikasika ny
paika arahina rehefa misy
ny fitoriana ateraky
fanomezana
fifampiraharaham-barotra**

ambagovangony

| | |
|--|-----------|
| - Teny fampidirana | 04 |
| -I.Ankapobeny | 05 |
| -Inona no antony ametravana fitoriana ary ahoana ny atao amin'izany? | 05 |
| -Iza avy ireo rafitra manana fahefana hitsara ny disadisa eo amin'ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana? | 05 |
| -II.Ireo karazana fitoriana ateraky ny fanomezana fifampiraharaham-barotra | 08 |
| -21.Ny fitoriana entina eny amin'ny Fahefana Mifanaiky (recours gracieux) | 08 |
| -Amin'ny fotoana inona no afaka manatona ny Fahefana Mifanaiky ny mpifaninana ? | 08 |
| -Inona no fepetra raisin'ny Fahefana Mifanaiky raha vao maharay ny fitoriana izy? | 08 |
| -22. Ny fitoriana mialohan'ny fifanarahana (recours précontractuel) | 09 |
| - Inona no antsoina hoe fitoriana mialohan'ny fifanarahana ? | 09 |
| - Iza no afaka manatona ny Rantsana Fametravana Fitoriana ary noho ny antony inona ? | 09 |
| - Inona no dingana arahina eo anivon'ny Rantsana Fametravana Fitoriana? | 09 |
| - Inona no vokatra ny fanantonana ny Rantsana Fametravana Fitoriana? | 10 |
| - Inona avy ireo fepetra afaka raisin'ny Rantsana Fametravana Fitoriana ? | 10 |
| -23.Ny fitoriana fangatahana onitra (recours en indemnisation) | 11 |
| - Amin'ny fotoana inona no azo apetraka ny fitoriana fangatahana onitra | 11 |
| - Toy inona ny fe-potoana hamalian'ny Rantsana Fametravana Fitoriana ? | 11 |
| - Eo amin'ny lafiny fanonerana, inona avy ireo fepetra afaka raisin'ny Rantsana Fametravana Fitoriana? | 12 |
| -III.Ny fomba fiasan'ny Rantsana Fametravana Fitoriana manoloana ny fitoriana ateraky ny fanomezana ny fifampiraharaham-barotra | 13 |
| - Inona no tombontsoa entin'ny fanantonana ny Rantsana Fametravana Fitoriana? | 13 |
| - Ahoana ny fomba fiasany? | 13 |
| - Inona avy ireo fenitra fototra? | 13 |
| - Sary famintinana | 14 |
| -Teny famaranana | 15 |

Teny fampidirana

Ity torolàlana ity dia natao hanampy ireo rehetra manana andraikitra eo amin'ny fandraiketana sy fanatanterahana fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana ny amin'izay mety ho paika arahina raha sendra misy ny disadisa mialoha na aorian'ny fanatontosana ny fifanarahana arak'izay voalaza ao amin'ny andininy faha 3 ao amin'ny Fehezan-dàlana momba ny Fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana. Voalaza ato ihany koa ny fomba fiasan'ny Rantsana Fametrahana Fitoriana (Section Recours) eo anivon'ny Fahefana Mpandrindra ny Fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana (ARMP).

Iaraha-mahita mantsy fa sarotra azo ary manavia ny famakiana ireo rijan-teny mikasika ny fitoriana, indrindra ho an'ireo izay tsy mbola zatra. Noezahina araka izany ny hamintina sy ny hanazava amin'ny fomba faran'izay tsotra indrindra ireo voambolana ato. Tsy ary ho voatanisa daholo anefa ireo antsipirian'ny fitsarana disadisa saingy azon'ny mpikirakira miankina na tsy miankina amin'ny Fanjakana atao tsara ny maka izay fanazavana sahaza azy ato. Isika rahateo koa mbola vao miana-mamindra eo amin'ny fanatanterahana ny Fehezan-dalàna vaovao momba ny Fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana.

Ny tanjona teo am-pamolavolana ity torolàlana ity dia ny hampahafantatra ny tsirairay amin'ny fomba faran'izay tsotra ny rafitra rehetra napetraka mba hahafahana mandamina ireo fifanolanana vokatry ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana.

Mety mbola hisy fanovana ity torolàlana ity arakarak'izay fivoaran'ny fomba fanao sy ny traikefa ary ny fahatsapana eny an-dalam-panantaterahana eny fa misy ny fanitsiana tokony hatao.

Amin'ny ankapobeny, ity boky ity dia miresaka ny karazana fitoriana mahakasika ny fanomezana fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana, ny asa aman-andraikitra ny rafi-panjakana naorina manokana mba hitsara ireny disadisa ireny sy ireo paika rehetra arahina arak'izay voalazan'ny làlana manan-kery mifehy ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana.

I. Ankapobeny

Raha ny andininy faha 55 sy 59 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana no jerena dia misokajy ho roa ny fitoriana:

- **Ny fitoriana ateraky ny fanomezana fifampiraharaham-barotra (recours en attribution);**
- **Ny fitoriana ateraky ny fanatanterahana fifampiraharaham-barotra (recours en execution) ;**

Ny lalàna mana-kery koa anefa dia mametraka fomba iray hafa enti-mandamina ny disadisa ateraky ny fanatanterahana fifampiraharaham-barotra dia ny **raharaham-pihavanana** izany.

Inona no antony ametravana fitoriana ary ahoana ny atao amin'izany?

1-Ny mpifaninana dia afaka mametraka **ny fitoriana ateraky ny fanomezana fifampiraharaham-barotra** (recours en attribution) rehefa mahatsapa izy fa misy ny lesoka teo amin'ireo dingana rehetra tokony ho narahina manomboka amin'ny fanomanana ny fitaomana hanao tolo-bidy ka hatramin'ny fampahafantarana izay nahazo ny fifampiraharaham-barotra. Izany fitoriana izany dia an-tsoratra ary voasonia (ny taratasy rehetra tsy mitonona anarana dia tsy azo lazaina ho fitoriana velively) ka hapetrany eny amin'ny Rantsana Fametravana Fitoriana (Section Recours) na eny amin'ny Tribonaly misahana ny ady hifanaovana amin'ny Fanjakana (Tribunal Administratif)

2-Raha misy tsy fanarahan-dalàna tsikaritra mandritra ny fanatanterahana ny fifampiraharaham-barotra, ny mpanatanteraka na ny fahefana mifanaiky dia manatona avy hatrany ny Tribonaly misahana ny ady hifanaovana amin'ny Fanjakana amin'ny alalan'ny **fitoriana ateraky ny fanatanterahana fifampiraharaham-barotra** (recours en execution). Azony atao koa anefa ny mandamina ny disadisany eo anivon'ny Komitin'ny Raharaham-pihavanana (Comité de Règlement à l'Amiable des Litiges - CRAL)

Ny fanatanterahana ny fifampiraharaham-barotra dia manomboka eo amin'ny fotoana nahazoana ny baiko (an-tsoratra) fanombohana ny asa ary mifarana rehefa voaray manontolo ny asa.

3-Na izany na tsy izany, ny mpifaninana na ny mpanatanteraka ny asa dia afaka mangataka amin'ny fahefana mifanaiky ny fiverenana na ny fanafoanana fanapahan-kevitra amin'ny alalan'ny **fitoriana entina eny amin'ny fahefana mifanaiky** (recours gracieux) . Tsy ilaina amin'izany ny fanatonana ny Rantsana Fametravana Fitoriana na ny tribonaly.

Amin'ireo tranga telo ireo dia takiana amin'ny mpitory ny fahafantarany mazava ny fandikan-dalàna nisy izay namasoka ny paika arahina. Noho izany dia tokony mahafehy tsara ny fepetra sy lalàna mifehy ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana ny mpitory rehetra.

Iza avy ireo rafitra manam-pahefana hitsara ny disadisa eo amin'ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana?

Raha ny tokony ho izy dia ny mpitsara misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana no manana ny fahefana amin'izay fifanarahana rehetra mety ataon'ny Fanjakana. Saingy noho ny fifampiraharam-barotra mifampiakina betsaka amin'ny lafiny sosialy sy toe-karena dia tsy mifanindran-dàlana aminy loatra ny fisian'ny paika arahina maro sy hentitra loatra tsy maintsy tanterahina eny amin'ny rafi-pitsarana (na sivily io na ara-panjakana). Ny fanavaozana ny sehatry ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana dia mamela ny mpifanandrina hitondra ny disadisany eo anivon'ny rafitra iray haingam-piasa sy mahomby ary mangarahara. Io rafitra io dia tsy rafi-pitsarana nefa mahaleo tena ary ahitana ny solontenan'ny sehatra samihafa, izay mitondra ny anarana hoe **Rantsana Fametrahana Fitoriana** ateraky ny fanomezana fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana. (SREC)

Ny Rantsana Fametrahana Fitoriana dia tsy rafi- pitsarana:Tsy mitovy amin'ny fomba fiasan'ny fitsarana ny fomba fiasany fa ny fitsipika fototra toy ny fihenoana ny tsirairay (principe du contradictoire) izay mampitovy zo ny mpifanandrina dia hajain'io rafitra io.

Tsipihina araka izany fa ny fanapahan-kevitra raisiny dia tsy didim-pitsarana velively.

Ny Rantsana Fametrahana Fitoriana dia rafitra mahaleo tena: Ny fahaleovan-tenan'ny rafitra dia miseho lany eo amin'ny fanapahan-kevitra raisiny satria tsy misy mihitsy rafi-panjakana, na olona na antanan-tohatra afaka manozongozona na manova izany fanapahan-kevitra izany. Ny fanapahan-kevitra dia raisin'ny maro an'is amin'ireo mpikambana ao amin'ny rafitra. Izany koa no ahafahana milaza fa ny rafitra dia ahitana ny solontenan'ireo sehatra samihafa.

Ny Rantsana Fametrahana Fitoriana dia rafitra ahitana ny solontena avy amin'ny sehatra samihafa : Ny fandraisan'anjara mavitriky ny Sehatra tsy miankina (Secteur Privé) sy ny Fiarahamonimpirenena (Société Civile) no antoka iray mahatonga ny fanapaha-kevitra ny rantsana ho mahaleo tena tanteraka. Ankoatra ny lehiben'ny rantsana (chef de section), ny mpikambana ao dia solontena iray avy amin'ny sehatra tsy miankina, solontena iray avy amin'ny fiarahamonimpirenena, ary solontena roa avy amin'ny Fanjakana. Tsy afaka manatanteraka ny fivoriany ny rantsana raha tsy feno efatra raha kely indrindra ireo mpikambana tonga. Mba hisian'ny fahaleovan-tena sy tsy hisian'ny fifangaroan'ny tombontsoa dia tsy didian'olon-kafa ny rantsana ny amin'izay fanapahan-kevitra raisiny. Tsy mandray anjara amin'ny fivoriana ihany koa ny solontenam-panjakana raha toa ka ao amin'ny minisitery misy azy no nipoiran'ny disadisa.

Haingam-piasa sy mahomby ary mangarahara : Ho an'ny fitoriana mialohan'ny fifanarahana (recours précontractuel), ny lehiben'ny rantsana dia mampiantso ireo mpikambana ao anatin'ny fepotoana tsy mihoatra ny 05 andro fiasana raha vao maharay fitoriana izy. Ampitainy amin'izany ireo atontan-taratasy rehetra ilaina hamahana ny disadisa. Ny fanapahan-kevitra mikasika izany disadisa izany dia raisina avy hatrany aorian'ny fotoam-pivoriana (en la forme de référé) ka tsy azo entina hahitsy na foanana eny anivon'ny rafitra hafa intsony (pris en premier et dernier ressort)

Raha any amin'ny fitoriana fangatahana onitra kosa indray dia ao anatin'ny folo (10) andro ao aorian'ny nandraisany ny fitoriana no mamoka ny fanapahan-keviny ny Rafitra.

Ireo fanapahan-kevitra ny Rantsana Fametrahana Fitoriana dia ampahafantarina izay rehetra voakasik'izany, miampy ny minisitry iankinan'ny PRMP, ny minisitry misahana na Fitantanam-bola sy/na ny Tetibola, ny Filakevitra ny Fitsipika mifehy ny Tetibola sy ny Fitantanambola (Conseil de Discipline Budgétaire et Financière), ny Fanaraha-maso ankapoben'ny Fanjakana (Inspection Generale de l'Etat), ny Fanaraha-maso ankapoben'ny Vola (Inspection Générale des Finances)

Ireo fanapahan-kevitra rehetra raisin'ny Rantsana Fametrahana Fitoriana dia hita ao amin'ny tranonkalan'ny ARMP(www.arp.mg) ary atao peta-drindrana eny amin'ny biraon'ny rantsana sady havoaka any amin'ny Gazetin'ny Fifampiraharaha-barotra raha vantany vao misy io gazety io.

Azon'ny mpitory atao tsara koa anefa ny manatona avy hatrany ny Tribonaly misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana (Tribunal administratif) na ny fahefana nifanaiky taminy amin'ny alalan'ny « recours gracieux ». **Tsy azony atao kosa ny sady mametraka fitoriana eny amin'ny tribonaly no mbola mametraka izany koa any amin'ny Rantsana Fametrahana Fitoriana.**

Ny Rantsana Fametrahana Fitoriana ihany koa dia tsy mitsara ny fitoriana ateraky ny fanatanterahana fifampiraharaha-barotra (recours en execution).

II. Ireo karazana fitoriana ateraky ny fanomezana fifampiraharaham-barotra

Ny fitoriana ateraky ny fanomezana fifampiraharaham-barotra dia misy sokajy telo:

- ny fitoriana entina eny amin'ny Fahefana Mifanaiky (recours gracieux)
- ny fitoriana mialohan'ny fifanekena (recours précontractuel),
- ny fitoriana fangatahana onitra (recours en indemnisation)

Ireo sokajy telo ireo dia tsy mifampiankina ary tsy mifanesy.

2.1. Ny fitoriana entina eny amin'ny fahefana mifanaiky (recours gracieux) :

Ny fitoriana entina eny amin'ny fahefana mifanaiky (and 56 CMP), araka izany anarany izany, dia entina mivantana any amin'ny PRMP ka hazavaina ao izay mety ho fahavoazana nahazo ny mpifaninana nohon'ny tsy fanajana ny paika arahina. Izany no atao dia mba ahafahan'ny PRMP miverina indray, manitsy na manafoana ny fanapahan-keviny izay mety ho mifanipaka amin'ny lalàna manan-kery.

Inona no fepetra raisin'ny Fahefana Mifanaiky raha vao maharay ny fitoriana izy?

Ny mpifaninana rehetra mahatsiaro ho niharam-pahavoazana dia afaka mametraka fitoriana, mandritra ny fotoana rehetra fandraiketana fifampiraharaham-barotra, mikasika izay mety ho tsy fanarahan-dalàna tsikariny teo amin'ny dingana tokony harahina.

Na izany aza dia tsy mampiato ny dingana sy ny fe-potoana rehetra misy izany fitoriany izany.

Inona no fepetra raisin'ny Fahefana Mifanaiky raha vao maharay ny fitoriana izy?

Jereny ny mampitombona na tsia ny fitarainan'ny mpitory arakaraky ny lalàna manan-kery. Ampitahainy amin'ny lalàna velona sy ny fenitra fototra mifehy ny fifampiraharaham-barotra ny fahavoazana voalazan'ny mpitory.

Raha mitombona ny fitoriana dia hiverenany sy foanany izay rehetra fanapaha-kevitra noraisiny ka tsy manaja lalàna, na koa averiny hatramin'ny voalohany ireo dingana rehetra tokony ho narahina.

Raha tsy mitombona kosa dia valiany ao anatin'ny folo (10) andro ny fitarainan'ny mpitory ka hazavainy ao ny antony nandavany izany. Raha tsy mamaly ao anatin'ny folo andro ny fahefana mifanaiky dia heverina ho nolaviny ny fangatahan'ny mpitory.

2.2. Ny fitoriana mialohan'ny fifanarahana (recours précontractuel) and 57 CMP:

Inona no antsoina hoe fitoriana mialohan'ny fifanarahana ?

Araka izany anarany izany, io fitoriana io dia mitranga alohan'ny fifanekena sy ny fanaovan-tsonia ny fifampiraharham-barotra. Ny fitoriana mialohan'ny fifanarahana dia mahakasika ny fitarainana na tsy fanekena ny amin'ny paika narahina nanomboka amin'ny fitaomana manao tolo-bidy, ny fakan-kevitra, ka hatramin'ny famoahana ny vokatry (and 40 didim-panjakana 2005-215 tamin'ny 03 Mai 2005)

Ireto tranga manaraka ireto dia tsy ahafahana mametraka fitoriana mialohan'ny fifanarahana:

- 1) Ny safidin'ny fahefana mifanaiky ny amin'izay fomba fandraiketana ny fifampiraharham-barotra.
- 2) Ny fanapahan-kevitra ny fahefana mifanaiky hitsipaka ireo tolo-bidy rehetra.
- 3) Ny fanapahan-kevitra ny fahefana mifanaiky tsy hanisy tohiny ny fitaomana hanao tolo-bidy.

Afaka alefa mivantana eny amin'ny tribonaly misahana ny ady hifanaovana amin'ny Fanjakana na eny amin'ny Rantsana Fametrahana Fitoriana (Section de Recours) ao amin'ny ARMP ny fitoriana.

Iza no afaka manatona ny Rantsana Fametrahana Fitoriana ary nohon'ny antony inona ?

Ny afaka mitory dia ireo izay rehetra mety manana tombon-tsoa amin'ny fametrahana tolo-bidy na fanaovan-tsonia ny fifanekena ka niharam-pahavoazana nohon'ny tsy fanajana ny fitsipiky ny fampahafantarana ny rehetra sy ny fampifaninanana avy amin'ny fahefana mifanaiky.

Inona no dingana arahina eo anivon'ny Rantsana Fametrahana Fitoriana?

1-Raha misy **tsy fanarahan-dalàna tsikaritra eo amin'ny dingana tokony harahina** (manomboka eo amin'ny fitaomana hanao tolo-bidy ka hatramin'ny fanomezana ny fifampiraharham-barotra), ny mpifaninana na izay nanome tolo-bidy dia afaka manatona ny Rantsana Fametrahana Fitoriana eo amin'ny fotoana rehetra ahitany ny lesoka.

2-Raha ny vokatry ny fifaninanana no nahitana fitsipahana dia mametraka ny fitoriany ny mpifaninana mahatsiaro ho voahilika tsy ara-drariny ao anatin'ny 10 andro ao aorian'ny iray amin'ireto tranga ireto:

- Fampahafantarana ny mpifaninana fa voahilika ny tolo-bidy (and 27 CMP);
- Fanaovana peta-drindrina eny amin'ny ivo-toeran'ny fahefana mifanaiky ny vokatry ny fifaninanana.

Azo raisina foana ny fitoriana alohan'ny ora firavana amin'ny andro fahafolo

Mandritra io fe-potoana io dia tsy afaka manao sonia ny fifanekena mihitsy ny fahefana mifanaiky na inona na inona antony.

Rahefa tapitra io fe-potoana io dia:

1) Tohizan'ny fahefana mifanaiky ny dingana fandraiketana fifampiraharaham-barotra raha tsy misy ny fitoriana voaray.

2) Ahaton'ny fahefana mifanaiky ny dingana mandra-panonon'ny Rantsana Fametrahana Fitoriana ny fanapahan-keviny, raha misy ny fitoriana voaray

Inona no vokatra ny fanatonana ny Rantsana Fametrahana Fitoriana?

Raha vantany vao maharay fitoriana ny Rantsana dia mampahafantatra izany amin'ny fahefana mifanaiky ary mangataka amin'ity farany ny handefasany izay mety ho fiarovan-tenany.

> Raha toa ka ny paika narahina no anton'ny fitoriana (fandikana na tsy fanarahan-dalàna) dia mitohy hatrany ny dingana rehetra tokony harahina. Tsy mampiato na inona na inona arak'izany io fitoriana io.

> Raha toa kosa ka ny fanapahan-kevitra ny fahefana mifanaiky ny amin'izay nahazo ny fifampiraharaham-barotra no anton'ny fitoriana, ny fanatonana ny Rafitra fametrahana Fitoriana dia mampiato ny dingana tokony harahina mandrapamoaky ny rantsana ny fanapaha-keviny.

>Amin'ireo tranga roa tonta ireo dia dimy (5) andro ao aorian'ny nandraisany fitoriana, raha be indrindra, ny fe-potoana amoahan'ny Rantsana ny fanapahan-keviny.

Inona avy ireo fepetra afaka raisin'ny Rantsana Fametrahana Fitoriana ?

1-Raha mitombona ny fitoriana, ny Rantsana dia afaka :

- Manome baiko ny fahefana izay tsy nanara-dalàna mba :
 - Hanatanteraka ny adidiny raka ny didy aman-dalàna misy ;
 - Hampiato ireo dingana rehetra momba ny fandraiketana ny fifampiraharaham-barotra na izay mety ho fanatanterahana fanapahan-kevitra hafa mifandraika amin'izany.
- Manome baiko ny amin'ny tokony hanitsiana ny ao anatin'ny atontan-taratasy mikasika ny tolo-bidy (dossier d'appel d'offres)
- Manafoana ny fanapahan-kevitra manome ny fifampiraharaham-barotra ary manafoana izay fepetra tokony ho ao anatin'ny fifanekena nefa tsy manaja ny lalàna mametra ny adidin'ny fahefana mifanaiky ;
- Mampiato ny fandraiketana ny fifampiraharaham-barotra.
- Mampihemotra ny fotoana tokony hanaovana sonia.

2-Raha tsy mitombona kosa ny fitoriana dia azon'ny Rantsana atao ny mitsipaka izany.

Ny rafitra dia afaka manome baiko ny fahefana mifanaiky mba tsy hanaovany sonia ny fifanekena. Raha manemotra ny fanaovan-tsonia izy dia tsy tokony hihoatra ny roapolo (20) andro ny fe-potoana fampiatoana. (and 57 CMP)

23.Ny fitoriana fangatahana onitra (recours en indemnisation)


Inona no atao hoe fitoriana fangatahana onitra ?

Ny fitoriana fangatahana onitra dia atao ho fanonerana ny fahavoazana mety mitranga tao aorian'ny fanomezana tsy ara-dalàna ny fifampiraharaha-barotra.

Raha hazavaina bebe kokoa dia tsy mitaky velively ny fanafoanana ny fanapahan-kevitra fanomezana fifampiraharaha-barotra ny mpitory, fa mangataka ny hanonerana azy ny amin'izay fahavoazana nihatra mivantana tamin'ny (fa tsy ny fahaverezan'ny tombon-tsoa) tamin'ny nahazoan'olon-kafa ny fifampiraharaha-barotra izay tamin'ny fomba tsy ara-dalàna.

Amin'ny fotoana inona no azo apetraka ny fitoriana fangatahana onitra?

Ny fitoriana fangatahana onitra dia apetraka eny amin'ny Rantsana Fangatahana Fitoriana na eny amin'ny Tribonaly misahana ny ady hifanaovana amin'ny Fanjakana roapolo (20) andro aorian'ny nanaovana sonia ny fifanekena tamin'izay hanatanteraka ny fifampiraharaha-barotra. Raha dila io roaplo (20) andro io dia tsy misy fitoriana azo raisina intsony.



Toa inona ny fe-potoana hamalian'ny Rantsana Fametrahana Fitoriana ?

Ny Tribonaly misahana ny ady hifanaovana amin'ny Fanjakana dia manana ny paika arahiny sy ny fe-potoany manokana. Fa raha eny amin'ny Rantsana Fametrahana Fitoriana kosa no miantefa ny fitoriana, dia tokony hamoaka ny fanapahan-keviny ao anatin'ny folo (10) andro fiasana aorian'ny daty nandraisiny ny fitoriana izy raha ela indrindra.

Eo amin'ny lafiny fanonerana, inona avy ireo fepetra afaka raisin'ny Rantsana Fametrahana Fitoriana?

Rehefa avy nanao ampahibemaso ny kaonty rehetra ny Rantsana dia afaka manapaka ny handoavana amin'ny mpitory izay vola rehetra laniny ara-drariny tamin'ny dingana rehetra narahiny nandritra ny fandraiketana ny fifampiraharaha-barotra.

Mety iharan'ny sazy famaizana ara-panjakana hatrany ireo rehetra izay tsy manara-dàlana na tsy misy aza ny fitoriana avy amin'ny mpifaninana voalika.

III.Ny fomba fiasan'ny Rantsana Fametrahana Fitoriana manoloana ny fitoriana ateraky ny fanomezana ny fifampiraharaham-barotra

Inona no tombon-tsoa entin'ny fanatonana ny Rantsana Fametrahana Fitoriana?

Ny fanatonana ny Rantsana Fametrahana Fitoriana dia ahafahan'ireo nametraka tolo-bidy sy ny fahefana mifanaiky mamaha ny disadisa misy eo amin'izy ireo vokatry ny fanomezana fifampiraharaham-barotra, eo anivon'ny rafitra iray mahaleo tena, haingam-piasa sy mahefa nefa manaraka ny lalàna mifehy ny paika rehetra takiana amin'izany.

Ahoana ny fomba fiasany?

Ny mpikambana ao amin'ny Rantsana dia mivory aorian'ny fiantsoan'ny Filohany rehefa misy ny fitarainana voarain'ny mpitan-tsoratra ny Rafitra.

Atrehan'ny mpikambana ny filoha mandritra ny fotoam-pivoriana, ka noho izany dia:

- Mahazo ny atontan-taratasy rehetra izy ireo;
- Mandray anjara amin'ny ady hevitra sy afaka mametraka fanontaniana ;
- Miara-mamolavola amin'ny Filoha izay mety ho fanapaha-kevitra raisina;

Inona avy ireo fenitra fototra?

Ny paika rehetra arahina ao amin'ny Rafitra Fametrahana Fitoriana dia manaja ny fitsipiky ny **fihainoana ny tsirairay** (principe du contradictoire) izay mitandro indrindra indrindra ny fitovian-jon'ireo mpifanandrina sy ny tsy fiandania amin'ny atsy na ny aroa


Noho izany :

- Ny mpifanandrina dia tokony hitondra ireo porofo rehetra manamarina izay lazainy, ary afaka takian'ny Rantsana Fametrahana Fitoriana aminy izay fanampim-panazavana mety hilaina,

- Tsy mihevitra afa-tsy izay fanazavana sy atontan-taratasy niaraha-nidinika ampahibemaso ny Rantsana amin'ny fandraisany fanapahan-kevitra.

- Tsy afaka manorina ny fanapahan-keviny amin'izay tranga tsy nampahafantariny mpifanandrina azy ny Rantsana, na dia tsikariny Rantsana aza izany tranga izany,

- Anjaran'ny mpifanandrina izay nahatsikaritra tsy fanarahan-dalàna no mampahafantatra ny rantsana, raha tsy izany dia heverina ho mandefitra eo anatrehan'izany izy.



Teny famaranana

Ny fanajana an-tsakany sy an-davany ny fenitra fototry ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana dia ny fahafahana miditra malalaka amin'ny fividianana ataon'ny Fanjakana, ny fitovian-jon'ny mpifaninana, ary ny mangaraharaha eo amin'ny paika arahina dia fototry ny fahatanterahan'ny fitantanam-bola mahomby satria izany no antoka ho an'ny Fiarahamonimpirena sy ny sehatra tsy miankina. Eo amin'ny lafiny fitantanam-bolampanjakana, izany mangarahara izany dia miantoka ny fampiasana mahomby ny volampanjakana sy mampitombo ny vokatra azo avy amin'ny famoaham-bola satria dia samy mihatsara na ny sara aloan'ny Fanjakana na ny kalitao azony avy amin'izany. Ankoatra izay, ny fifaninanana malalaka ampirisihan'ny fehezan-dalàna dia manosika ny tsirairay hampitombo sy hanatsara hatrany ny vokatra sy ny kalitaony. Izany rehetra izany dia tsy maintsy hisy fiantraikany tsara eo amin'ny toe-karena ankapobeny.

Noho izany rehetra izany no nahatonga ny mpitondra fanjakana hankato ireo fepetra maro mahakasika ny fandaminana disadisa tamin'ny alàlan'ny Lalàna 2004-009 tamin'ny 26 Jolay 2004. Ilaina tokoa mantsy ny miaro ny Fanjakana sy ireo mpiara-miombona antoka aminy mba tsy ho tafalatsaka ao anatin'ny tsy fanarahan-dalàna mateti-pitranga eo amin'ny fandraiketana fifampiraharaham-barotra izy ireo.

Ny tena antom-pisian'ny rafitra misahana fitoriana dia tsy ny famaizana na ny famoretana loatra, fa mba ho fanentanana sy ho fampandraisana andraikitra kosa izay rehetra mandray anjara amin'ny fividianana ataon'ny Fanjakana amin'ny alalan'ireo fenitra, fitsipi-pitondran-tena, fomba fanao isan-karazany antoky ny Fanjakana tsara tantana. Ny tena tanjona fara-tampony aza dia ny hampihena araka izay azo atao ny disadisa ateraky ny fanomezana fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana. Mba hahatongavana amin'izany dia ilàna ezaka goavana ny fanatanterahana ireo paika sy drafitra mifototra amin'ny fampiofanana, fanentanana ary indrindra ny fahatakarany tsirairay ny tena foto-pisian'ny fanavaozana eo amin'ny sehatry ny fifampiraharaham-barotra.

Irariana ny mba hahitan'ny tsirairay fahombiazana amin'ny fampiasana ity torolàlana ity.